

DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fonenany

Nanao ahy ny Raiko



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Inona no antony nanaovana ny tenantsika? Zava-kendrena lehibe izany, ary mampientam-po sy tsotra ny valiny. Ao amin’ny epistily voalohany nosoratany ho an’ny fiangonana tany Korinto, dia nanoratra toy izao i Paoly:

> "Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra? ka tsy tompon'ny tenanareo hianareo?" (1 Korintiana 6:19)

Nahoana Andriamanitra no namolavola sy namorona vatana ho an'ny olombelona? Mahagaga ny valiny. Tiany ho tempoly Hitoerany ny tenan’ny mpino tsirairay voavotra, amin’ny alalan’ny Fanahiny Masina. Averina indray, raha mijery ny vatanao avy amin'io fomba fijery io ianao, dia hanome anao toe-tsaina hafa tanteraka momba izany. Ny vatanao dia natao ho tempoly honenan'Andriamanitra.

Ny Baiboly dia milaza amintsika fa Andriamanitra dia tsy mitoetra ao amin’ny tempoly nataon-tanana (jereo ny Asan’ny Apostoly 7:48; 17:24). Afaka manorina trano iray ianao — synagoga, katedraly, fiangonana, na inon’inona tianao — fa tsy hitoetra ao Andriamanitra. Rehefa mivory ao amin’ny tranobe toy izany ny olon’Andriamanitra, dia ho eo aminy Andriamanitra, fa tsy mipetraka ao Izy. Andriamanitra no namaritra ny Tempoliny manokana. Inona izany? Ny vatantsika.

Mahagaga ny mieritreritra fa Andriamanitra Tsitoha, ilay Mpamorona ny lanitra sy ny tany, dia te honina ao amin’ny vatantsika ary hanao azy ireo ho Tempoliny.

Rehefa niresaka momba ny Fanahy Masina Jesosy ao amin'ny Jaona 7, dia hoy Izy:

> “‘Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina.’ (Fa ny Fanahy no nolazainy...)” (andininy 38)

Misy faritra iray ao amin'ny vatanao izay tian'Andriamanitra honenan'ny Fanahiny Masina.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny Asana ato amiko. Manambara aho fa ny tenako dia tempolin'ny Fanahy Masina, izay ato anatiko. Ny Raiko no nanao ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-271-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

